# Ilay Voa Tsara Nafafy 08 Jolay 2018

**8** **Alahady**
jolay

**Izao no nanehoana ny fitiavan'Andriamanitra antsika : Andriamanitra naniraka ny Zanany Lahitokana tamin'izao tontolo izao, mba hahavelona antsika amin'ny alalany.** 1 Jaona 4. 9

## Ao amin'i Jesosy Kristy no misy ny zavatra rehetra

*Ny fitiavana mandrakizay tsy takatry ny saina*
*Izay ananan'i Jesosy Kristy,*
*Ny ran'i Jesosy Kristy nalatsaka*
*Ho ahy, izay meloka,*
*Dia manafaka ahy amin'ny fahotako rehetra,*
*Manaisotra ahy amin'ny fahafatesana,*
*manaisotra ahy amin'ny tany,*
*Ary manome ahy ny toetran'*
*I Jesosy Kristy.*

*Iza no manarina ahy rehefa lavo aho ?*
*Jesosy Kristy.*
*Iza no manohana ny fanahiko ao anatin'ny ady atrehiko ?*
*Jesosy Kristy.*
*Niteny Jesosy, ka te hino aho*
*Fa afaka miady ho voninahiny,*
*Satria ny fiarovana ho ahy, ny fandreseko,*
*Dia Jesosy Kristy.*

*Mankany amin'ny Raiko aho, ary ny lalako*
*Dia Jesosy Kristy.*
*Sambatra aho, ary ny fifaliako*
*Dia Jesosy Kristy.*
*Fanantenana no resahin'ny foko amiko,*
*Na mijaly aza aho,*
*Satria aho mametraka ny tokiko*
*Ao amin'i Jesosy Kristy.*

*Voavonjy aho, ary tsy manana voninahitra*
*Afa-tsy ao amin'i Jesosy Kristy.*
*Eto an-tany sy any an-danitra, ny fiainako*
*Dia Jesosy Kristy.*
*Tsy ho ela aho dia handao anareo, ry zavatra mety maty ;*
*Hanidina lavitra anareo aho,*
*Ho any amin'ny fonenana mandrakizay :*
*Ho any amin'i Jesosy Kristy.*